Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 14/10/2023 hatramin'ny 21/10/2023

- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/038 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 79 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 076 00

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1484-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TSARAZAZA SY FANDRIANA

Tokantrano miisa 1500 nahazo jiro avy amin'ny Amerikana

Tokantrano miisa 1500 any amin'ny kaominina Tsarazaza sy Fandriana any amin'ny faritra Amoron'i Mania, nahazo jiro avy amin'ny Amerikana. Mitondra angôvo ho an'ny vondrom-piarahamonina ifotony ny governemanta amerikana.

Nankalaza ireo ezaka vita nandritra ny telo taona ho fampidirina herinaratra ho an'ireo vondrom-piarahamonina eny ifotony, ny governemanta amerikana amin'ny alalan'ny fandaharanasa Power Africa sy ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID), ary miaraka amin'ny "Hydro Ingénierie Etudes Réalisations (HIER). Nitondra herinaratra ho an'ny tokantrano ambanivohitra miisa 1500 eo anivon'ny kaominina Tsarazaza sy Fandriana io fiaraha-miasa io.

Hatramin'ny faran'ny taona dia hanome herinaratra tokantrano sy orinasa maherin'ny 3600 eto Madagasikara ny Power Africa, sy ny mpiaramiombon'antoka amin'ny sehatra tsy miankina. Maro amin'izany ireo tokantrano sy orinasa izay mbola tsy nisitraka herinatra mihitsy, ka hisitraka izany amin'izay.

Ny tanjona dia ny hampandroso ireo asa fampandrosoana ara-toekarena toy ny fanaovana "soudure", ny fampangatsiahana sakafo any amin' ny toerana fisakafoanana, ary koa ny fanatsarana ireo asa fandrafetana hazo. Ny ankizy sy ny mpampianatra dia afaka mianatra sy miomana amin'ny fampianarana amin'ny takariva; ny tranom-panjakana eny antoerana dia afaka mampiasa solosaina ary manatsara ny filaminana amin'ny alina ihany koa ny fisitrahana rianaratra.

Nitsidika tany Tsarazaza ny Ambasadaoron'i Etazonia eto Madagasikara sy Kaomoro, Claire A. Pierangelo, niara-nankalaza ny fahatongavan'ny rianaratra teny ifotony ary nanao dinidinika ambany tafontrano niaraka tamin' ireo tomponandraiki-pakanjana tany an-toerana sy ny fokonolona ny amin' ny ezaka fizarana rianaratra mbola ho avy.

Ny Ambasadaoro Amerikana, tany amin'ny faritra Amoron'i Mania.

Nanamafy ny Ambasadaoro Pierangelo nandritra ny lahateny fohy nataony, fa "na dia hifarana aza ity tetikasa ity dia mbola hanohana hatrany ny fametrahana angôvo madio eto Madagasikara i Etazonia. Ny governemanta amerikana dia hanohy hikaroka fiaraha-miasa amin'ny alalan'ny Power Africa sy ny sehatra tsy miankina, mba hitondrana angôvo madio sy azo havaozina any ambanivohitra.

Ny fandaharanasa Power Africa an'ny governemenata amerikana dia mamory ireo loharano iraisana avy amin'ny sehatra tsy miankina, ireo fikambanana iraisampirenena miasa amin'ny fampandrosoana ary ireo governemanta maromaro manerana an'i Afrika, mba hampitombo ny fisitrahana angôvo sy herinaratra.

Nanomboka ny taona 2018 dia efa nitondra herinaratra ho an'ny tokantrano sy orinasa miisa 90.000 ny Power Africa tamin'ny alalan'ny 2,2 tapitrisa dolara ho fanohanana ireo mpamokatra angôvo eto Madagasikara. Miara-miasa amin'i Madagasikara i Etazonia amin' ny fiarovana ny harena voajanahary eto amin'ny firenena. Nanomboka tamin'ny 2013, ny USAID dia efa nanantanteraka fandaharanasa mitentina 80 tapitrisa dolara izay mampiroborobo ny faharetana, manatsara ny fiveloman'ny vondrom-piaharamonina eny ifotony, manamafy ny fitantanana ny harena voajanahary, mampihena ny fanondranana bibidia antsokosoko ary miaro velaran-tany an' arivony hektara amin'ny fitrandrahana tsy ara-dalàna.

Aly

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 447



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0446)

Mitsivalana
- Pasitora
- Eka – Zo (miv)
- Romotra
- Amboa
- Tsia
- Ravoravo
- Adama – IV

Mitsangana
- Peratra
- Moka (miv) – Ad(y)
- Sambava
- OO – OM
- Tatatra
- Sa
- Roa – Ivy
- Az – Voay (miv)

TENY MIFANAPAKA N° 447



Mitsivalana

1. Mpitondra firenena fahiny **2.** Sahala (miv) – Fiarakodia **3.** Mpiarabelona taloha – Hita amin'ny laoka **4.** Azo amin'ny voaloboka – Fitaovan'ny mpanjono **5.** Anelanelan'ny boky – Harena sy fitiavana izay dimbiasina – Anaty rano **6.** Mampisafidy – Vorona **7.** Hazandrano **8.** Vatana – Loza mitranga (miv) **9.** Fanontaniana – Faran-teny **10.** Atao eny ivelany – Aro moka

Mitsangana

A. Mitsoaka, mihazakazaka miafina **B.** Simba **D.** Karazana valizy vy (miv) – Androany **E.** Karazana anana (miv) **F.** Ao amin'ny Baiboly – Ekena **G.** Voaray – Eny amin'ny lanitra eny **H.** Tampisaka – Karazana zava-maniry **I.** Matoanteny – Renirano **J.** Fonenan'ny mpanjaka – Teny mandrara **K.** Tsy mahatazana – Hita ao amin'ny fery

Valiny Teny mifanaraka 0446

Mitsivalana
1. Fanampiana 2. Ana - Ri 3. Famaranana 4. Ombiasy - IV 5. Hao - Ra - Fay 6. Alamina - KM 7. Zoro - Aroa 8. Anikeo - Aty 9. Nanao - Otra 10. Ar - Naato (miv)

Mitsangana
A Fifohazana B. Amalona D. Namboarina E. Anay - Mokar(y) F. Marary - Eo G. Asanao H. Inri (miv) - Ar(etina) - To (miv) I. Aia - Atao (miv) J. Niakatra K. Mivaha (miv) - Nay (miv)